

Isika tsirairay dia samy zanak'Andriamanitra. Izy no Raintsika any An-danitra, izay tia antsika ary maniry ny hiverenantsika hiarahaina Aminy. Afaka manao izany isika amin'ny alalan'ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Hatrizay ka hatramin'izao dia namerimberina hatrany ny fanehoany fitiavana amin'ireo zanany Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanambarana ny filazantsarany tamin'ireo mpaminany toa an-dry Adama, Noa, Abrahama, ary i Mosesy. Ny olona anefa dia namerimberina nandà ireo mpaminany sy ny fampianarany.

Roa arivo taona lasa izay, dia nandefa an'i Jesoa Kristy Zanany Andriamanitra, mba hanonitra ny fahotan'izao tontolo izao ary handresy ny fahafatesana. Nampianatra ny filazantsarany ihany koa i Jesoa, sy nifidy Apôstôly, ary nanorina ny Fiangonany. Nomeny ireo Apôstôliny ny fahefan'ny fisoronana mba hanatanterahana ireo ôrdônansy ary naniraka azy ireo Izy hizara ny filazantsarany manerana an'izao tontolo izao. Kanefa toy ny nandavana an'ireo mpaminany tamin'ny fotoana teo aloha, dia nolavin'ny olona ihany koa ireo Apôstôly ary novonoiny. Ny vokatr'izany, dia nesorina teto an-tany ny fahefan'ny fisoronana.

Satria tia ireo zanany Andriamanitra, dia nanolotanana antsika Izy, tahaka ny nataony taloha. Ity DVD ity dia maneho ny fanombohana amim-boninahitra ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'izao androntsika izao tamin'ny alalan'ny mpaminany Joseph Smith. Izany dia manamafy fa ny Raintsika any an-danitra dia nandre ny vavaka iray natao tamim-panetren-tena ary namerina indray tamin'ny alalan'i Joseph ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy teto an-tany.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

www.mormon.org

FEO AMIN'NY FITENY: Malagasy

© 2009, 2009 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo Rehetra Voatokana.
Nanonta tany Etazonia. Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 1/04.
Fankatoavana ny fandikana: 1/04. Fandikana ny *The Restoration*.

MALAGASY



19 min.



4:3



4

9

54742 654



54742 654

NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY

NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY